# 10 NY ENTI-MILAZA

## TANJONA

- Mamaritra sy manavaka ireo singa fototry ny fehezanteny (ny enti-milaza);
- Mamantatra sy mamaritra ny teny enti-maneho ny hevitra fototra ao amin'ny fehezanteny (ny enti-milaza).

## LESONA HOTADIDIANA

**1. Famaritana:**

Ny enti-milaza na EM dia anjara asan'ny teny na andian-teny ilazana toetra na ny asa atao na toe-javatra ka mamaly ny fanontaniana : Maninona ? na Manao ahoana ?

**2. Ireo sokajin-teny azo atao enti-milaza**

Matetika dia matoanteny ny enti-milaza. Maro nefa ireo sokajin-teny azo atao enti-milaza ankoatra ny matoanteny toy ny anarana, mpamari-toetra, na mpisolo .

**3. Ohatra**

| EM | Ohatra |
|---|---|
| Teny tokana | Manangona vokatra ny mpamboly. |
| Andian-teny | Tsara tarehy i Soa. |
| Matoanteny | Milalao baolina any an-tsaha ny ankizy. |
| Anarana | Tsena ny andro anio. |
| Pamari-toetra | Ratsy ny andro. |
| Mpisolo | Ao i Dadatoa Ramora. |
| | Io ny reniko. |

**4. Fanamarihana**

Miova araka ny mpisolo ny fanontaniana hamantarana ny EM mpisolo.

### Sahanasa 1

1. Vakio ny tononkalo sy ireo fehezanteny etsy ambany.

**Tononkalo:**

Mba mafy asaina ny tanimbary
Kanefa mikiry ny mpiasa tany,
Ny tanany miepaka maharary,
Ikirizany anefa ka vita ihany.
Mba sarotra lahy ny enti-mody!
Ny saina domelina, ny andro lany,
Kanefa ny mpianatra te ho tody,
Mikiry ka farany hainy ihany.
NY RAHONA
in Gasikarako, tak. 15

**Fehezanteny:**

Fzt1: Hariva ny andro.
Fzt 2: Mangatsiaka, manerika ary mamanala ny andro any Ankaratra.
Fzt 3: Ao i Manda no mipetraka.
Fzt 3: Vokatra ny voasary any ambanivohitra.
Fzt 4: Lava sy ranjanana izy.
Fzt 5: Izy no Atoa Radezy, filohan'ny fikambananay.

2. Tsimpony ny EM ao amin'io tononkalo io sy amin'ireo fehezanteny ireo. Apetrao ny fanontaniana toy ny Maninona ? na Manao ahoana ? hanampy anao.

3. Sokajio araka ny fafana etsy ambany ny EM hitanao.

| EM Andian-teny | EM Matoateny | EM Anarana | EM Mpamaro-toetra | EM Mpisolo |
|---|---|---|---|---|
| | | | | |
| | | | | |
| | | | | |
| | | | | |

## Sahanasa 2

Jereo ny sary etsy ambany.

1. Lazao izay toetra na asa atao na toe-javatra hita amin'ny sary etsy ambany ka mety hatao EM.
2. Ampiasao ao anaty fehezanteny izany EM izany ary lazao amin'ny namana eo akaikinao izany.

